

HITSIVOLANA LAHARANA FAHA-78-002

momba ny foto-kevitra ankapobe ijoroan' ny Fanompoam-pirenena

Ny Filohan' ny Repoblika Demokratika Malagasy,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny lalàna laharana faha-68-018 tamin' ny 6 desambra 1968, anafanana sy anovana ny hitsivolana laharana faha-60-118 tamin' ny 30 septambra 1960 izay andaminana ny Fiarovana eto Madagasikara ary amoronana ny Fanompoam-pirenena,

Araka ny hitsivolana laharana faha-76-025 tamin' ny 9 jolay 1976 anafanana sy anovana ny hitsivolana laharana faha-73-004 tamin' ny 9 febroary 1973 ananganana ny Fanompoam-pirenena ho an' ny vehivavy,

Araka ny fanapahana laharana faha-2-HCC/D tamin' ny 16 febroary 1978, nataon' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, Eo am-pivorian' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana,

Dia mamoaika izao hitsivolana izao :

FIZARANA VOALOHANY

FEPETRA MIALOHA

Andininy voalohany. — Izao hitsivolana izao dia anoritana ny foto-kevitra ankapobe ijoroan' ny Fanompoam-pirenena araka ny fomba-fomba ampanaovin' ny Fototra Iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy.

Ny teny hoe «Malagasy» na «olom-pirenena» izay tsy anomezana fanazavana hafa ary ampiasaina amin' ity rian-teny ity dia manondro tsy misy avakavaka ny Malagasy na ny olom-pirenena na lahy na vavy.

FIZARANA II

TOKO VOALOHANY

ADIDY AMIN' NY FANOMPOAM-PIRENENA

And. 2. — Ny Malagasy rehetra dia tsy maintsy manefa ny adidiny amin' ny Fanompoam-pirenena izay voatondro ho fandraisana anjara tsy azo ialana amin' ny Fiarovam-pirenena sy amin' ny fampandrosoana ny toe-karena ary ny fiaraha-monina eto amin' ny Firenena.

ORDONNANCE N° 78-002

sur les principes généraux du Service national

Le Président de la République Démocratique de Madagascar,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 68-018 du 6 décembre 1968 abrogeant et remplaçant l'ordonnance n° 60-118 du 30 septembre 1960 portant organisation de la Défense à Madagascar et création du Service national,

Vu l'ordonnance n° 76-025 du 9 juillet 1976 abrogeant et remplaçant l'ordonnance n° 73-004 du 9 février 1973 portant institution du Service national féminin,

Vu la décision n° 2-HCC/D du 16 février 1978 de la Haute Cour Constitutionnelle,

En Conseil Suprême de la Révolution,

Ordonne :

TITRE PREMIER

DISPOSITIONS PRELIMINAIRES

Article premier. — La présente ordonnance définit les principes généraux du Service national selon les modalités instituées par la Charte de la Révolution Socialiste Malgache.

Les mots «Malgaches» ou «citoyens» qui ne sont autrement précisés dans ce texte désignent indistinctement les Malgaches ou les citoyens des deux sexes.

TITRE II

CHAPITRE PREMIER

OBLIGATIONS DU SERVICE NATIONAL

Art. 2. — Tous les Malgaches sont tenus au devoir du Service national défini comme étant la participation obligatoire à la Défense nationale et au développement économique et social du Pays.

And. 3. — Ny adidy amin' ny Fanompoam-pirenena dia misy an' izao :

— ny fisoratana amin' ny fanisana sy ny fitsarana ho miaramila ireo olona azo raisina hanao ny Fanompoam-pirenena na ny azo ampiasaina amin' izany;

— ny vava asa tanindrazana izay tena mampiasa tokoa ny olom-pirenena amin' ny Fiarovana na ny fampandrosoana;

— ny fametrahana ho fiandry ireo olona azo raisina mba hiantsoana na hiverenana hiantsoana azy ireo ho eo amin' ny vava asa tanindrazana.

And. 4. — Ny olom-pirenena rehetra izay manana ny toetoetra ilaina ary feno valo ambin' ny folo taona ka hatramin' ny dimampolo taona dia tsy maintsy manefa ny adidiny amin' ny Fanompoam-pirenena.

Rahefa misy fanaikana ny daholobe ho eo ambany faneva na ny olona sasantsasany ihany, na raha misy ilana azy, ny fe-taona farany ambany hanefana ny adidy dia azo ahena ho latsaka ny valo ambin' ny folo taona ary ny fepetra anaovana izany dia didim-panjakana no manondro azy.

Ny fandraisan' ireo vahiny na ny tsy manan-tanindrazana monina eto Madagasikara anjara amin' ny Fanompoam-pirenena dia ho tondroin' ny rijan-tenin-dalana manokana.

TOKO II

FISORATANA AMIN' NY FANISANA SY FITSARA-MIARAMILA

And. 5. — Tsy tohinina izay voalaza ao amin' ny andininy faha-4 eo ambony fa ny olom-pirenena rehetra dia manana adidy hisoratra amin' ny fanisana amin' iny taona izay mahafeno azy valo ambin' ny folo taona iny. Ny fitambaran' izy ireo no miforona ho antokon-taona.

Ny olom-pirenena tsy nisoratra tamin' ny fanisana niaraka tamin' ny antokon-taonany no atao hoe «Tsy nisoratra» ary mety hiharan' ny sazy voalaza ao amin' ny didy amam-pitsipika manan-kery.

And. 6. — Ny olom-pirenena rehetra nisoratra tamin' ny fanisana ary mahafeno ny toetoetra voalazan' ny didy amam-pitsipika manan-kery dia tsy maintsy miseho eo amin' ny fitsarana ho miaramila mba ho zahan' ny dokotera ny toe-pahasalamany sy hiatrika ny fitsapana mikasika ny fahakingan-tsaina mba hamaritana izay mey ho efan' ny toe-batany sy ny fari-pahalalany ankapobe.

Ny olona anisan' ny fitsarana ho miaramila, ny anjara raharahan' izy ireo ary ny fomba fiasany dia didim-panjakana no mametra azy.

Raha tsy misy fanamarinana ekena fa mitombina, ireo zatovolavy na zatovovavy tsy niseho teo amin' ny fitsarana ho miaramila dia atao hoe «Tsy niseho fitsarana ho miaramila» ka mety hiharan' ny sazy voalaza ao amin' ny didy amam-pitsipika manan-kery.

Ny fomba fanatanterahana ny adidy hisoratra amin' ny fanisana sy ny fitsarana ho miaramila dia didim-panjakana no mametra azy.

TOKO III

AM-PERIN' ASA

And. 7. — Ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana dia azo atao :

— na ao amin' ny Foloalindahy izay misy ny Zandarimariam-pirenena sy ny Tafi-bahoaka;

— na ivelan' ny Foloalindahy;

— na ampahany ao amin' ny Foloalindahy, ampahany ivelan' ny Foloalindahy.

And. 8. — Ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana dia ferana ho roa taona raha be indrindra ary ny olona manala azy dia hatramin' ny dimy amby telopolo taona raha be indrindra. Izany fe-taona izany dia azo ihoarana ho an' ireo izay tsy nisoratra anarana tamin' ny fanisana sy ireo lany fa tsy niatrika fitsarana zazavao ary ireo nahazo fanemoram-potoana.

Ny fe-taona farany ambany analana ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana dia voatondro ho roapolo taona, afa-tsy amin' ny tarehin-javatra voalaza ao amin' ny andininy faha-4 eo ambony.

Ny fomba sy ny fepetra fanatanterahana ny adidin' ny amin' ny vava asa tanindrazana ary koa ny faharetany dia didim-panjakana no mametra azy.

And. 9. — Ny zatovolavy sy zatovovavy voaantso hanefa ny adidiny amin' ny vava asa tanindrazana dia jandraiketan' ny Fanompoam-pirenena. Izany fiandraiketana izany no fandraisana ho eo ambany faneva.

Ny antokon-taona andraisana ho eo ambany faneva dia ny taona tena idirana hanao fanompoana, na inona na inona antokon-taonah' ireo voaantso miaramila.

Ireo tsy nisoratra tamin' ny fanisana sy tsy niseho tamin' ny fitsarana ho miaramila dia mitovy adidy amin' ireo zatovolavy sy zatovovavy ao amin' ny antonken-taona andraisana azy ireo ho eo ambany faneva.

Art. 3. — Les obligations du Service national comprennent :

— le recensement et la révision des disponibilités humaines ou ressources du Service national;

— l'activité qui met le citoyen au service effectif de la Défense ou du développement;

— la mise en réserve de ces disponibilités en vue de l'appel ou du rappel à l'activité.

Art. 4. — Tous les citoyens possédant les qualités requises et âgés de dix-huit à cinquante ans sont soumis aux obligations du Service national.

Lorsque la mobilisation générale ou partielle a été proclamée, ou en cas de besoin, l'âge minimum des obligations peut être ramené à moins de dix-huit ans dans des conditions déterminées par décret.

Les contributions des étrangers et des apatrides résidant à Madagascar au Service national sont précisées par des textes particuliers.

CHAPITRE II

RECENSEMENT ET RÉVISION

Art. 5. — Sous réserve des dispositions de l'article 4 ci-dessus, tous les citoyens ont obligation de se faire recenser dans l'année au cours de laquelle ils atteignent dix-huit ans. Ils constituent la classe d'âge.

Les citoyens non recensés avec leur classe d'âge sont réputés «Omis» et s'exposent à des peines prévues par la réglementation en vigueur.

Art. 6. — Tous les citoyens recensés réunissant les conditions fixées par la réglementation en vigueur ont l'obligation de se présenter devant les conseils de révision pour y subir un examen médical et des épreuves psychotechniques en vue de déterminer leur capacité physique et leur niveau général.

La composition de ces conseils, leurs attributions et les modalités de fonctionnement sont fixées par décret.

Faute de justification retenue comme valable, les jeunes gens et jeunes filles ne se présentant pas devant le Conseil de révision sont réputés «Bons absents» (bonnes absentes) et s'exposent aux peines prévues par la réglementation en vigueur.

Les modalités d'exécution des obligations de recensement et de révision sont fixées par décret.

CHAPITRE III

ACTIVITÉ

Art. 7. — Les obligations d'activité peuvent s'effectuer :

— soit dans les Forces armées qui comprennent la Zandarimariam-pirenena et l'Armée populaire;

— soit hors des Forces armées;

— soit partie dans les Forces armées, partie hors des Forces armées.

Art. 8. — Les obligations d'activité sont fixées à un maximum de deux ans et s'exécutent jusqu'à l'âge de trente-cinq ans maximum. Cette limite d'âge peut être dépassée pour les omis, les bons absents et les sursitaires.

L'âge minimum des obligations d'activité est fixé à vingt ans, sauf dans les cas prévus à l'article 4 ci-dessus.

Les conditions et modalités d'exécution des obligations d'activité et leur durée effective sont fixées par décret.

Art. 9. — Les jeunes gens et jeunes filles appelés à remplir leurs obligations d'activité sont pris en charge au titre du Service national. Cette prise en charge constitue l'incorporation.

La classe d'incorporation est celle de l'année effective d'entrée en service, quelles que soient les classes d'âge des appelés.

Les omis et les bons absents sont soumis aux mêmes obligations que les jeunes gens et jeunes filles de leur classe d'incorporation.

And. 10. — Misy azo ekena ny fanemoram-potoana handraisana ho eo ambany faneva araka ny fepetra ho tondroin' ny didim-panjakana, noho ny antony mikasika ny ankohonana na ny asa aman-draharaha, ny fianarana, ny fianaran' asa na ny fizàran-draharaha.

FILATSAHANA AN-TSITRAPO

And. 11. — Ny zatovolahy sy ny zatovovavy feno valo ambin' ny folo taona na nihoatra dia mahazo mangataka hiditra eo ambany faneva ao amin' ny Foloalindahy na ivelan' ny Foloalindahy alohan' ireo zatovolahy na zatovovavy miray antokon-taona aminy.

Raha vao valo amin' ny folo taona ny olom-pirenena rehetra dia mahazo mangataka hilatsaka ao amin' ny Foloalindahy mandritra ny fotoana voafetra.

And. 12. — Ny fangatahana hiditra eo ambany faneva alohan' ny fotoana tokony hiantsoana sy ny filatsahana an-tsitrao dia ekena araka izay ilain' ny Fanompoam-pirenena sy izay asa omena ao amin' ny Foloalindahy na ivelan' ny Foloalindahy.

And. 13. — Ny olom-pirenena raisina eo ambany faneva fa nilatsaka an-tsitrao dia tsy maintsy manefa ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana. Ny faharetan' ny adidy ampiharina aminy dia izay voatondro ho an' ny antokon-taona andraisana ho miaramila amin' ny taona anaovana sonia ny fanekena.

TOKO IV

FIANDRY

And. 14. — Ny fiandry dia ireo olona rehetra azo raisina ho miaramila nefa tsy manao ny «Vava asa tanindrazana» ao amin' ny Fanompoam-pirenena.

And. 15. — Ny adidy ao amin' ny fiandry dia mahafaoka ny fotoana manontolo aharetan' ny Fanompoam-pirenena, araka izay voalaza ao amin' ny andininy faha-4 etsy ambony, ary izany dia ivelan' ny fotoana anaovana ny vava asa tanindrazana.

Mandritra ny fanefana ny adidy ao amin' ny fiandry, ny olom-pirenena dia mipetraka any an-tranony, saingy dia mivonona mandrakariva amin' izay mety hiantsoana azy na hiantsoana indray ho amin' ny vava asa tanindrazana raha misy ilàn' ny Tanindrazana azy na misy fanaikana ny daholobe ho am-bavabasy na ny olona sasantsasany ihany. Izy ireo no atao hoe «Miaramila fiandry».

And. 16. — Ny miaramila fiandry dia azo antsoina hanala vanim-potoana fanazaran-tena ary ny faharetan' izany manontolo dia tsy mahazo mihoatra ny roa amin' ny folo volana. Izany fanazaran-tena izany dia adidy ho an' ny miaramila fiandry ary tsy azo heverina ho toy ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana izany.

And. 17. — Ny olom-pirenena rehetra ao amin' ny fiandry dia tsy maintsy manome ny manampahefana tompon' andraikitra ny fanazavana rehetra momba ny asany, ny fahaizany, ny fomenany sy ny toetry ny fiankohonany ka mety bahafantarana mazava izay tokony hametrhana azy ao amin' ny fiandry.

Ny manampahefana miandraikitra ny fandraisana ny fanambarana ny fomenana sy ny sampan-draharahan-panjakana na tsy miankina amin' ny Fanjakana manome mari-pahaizan' ny sekoly na momba ny asa aman-draharaha dia tsy maintsy milaza amin' ny Foibem-pitondrana ny Fanompoam-pirenena sy ny Fakana ho miaramila, ny anaran' ireo olom-pirenena ao amin' ny fiandry voakasiky ny fifindram-ponenana sy ireo fahazoana mari-pahaizan' ny sekoly na momba ny asa. Ny taratasy alefa amin' izany dia tsy andoavam-bola amin' ny paositra.

Ny fomba fanatanterahana ny adidy amin' ny fiandry dia didim-panjakana no mametra azy.

TOKO V

NY MAHA-ARA-DALANA EO AMIN' NY FANOMPOAM-PIRENENA

And. 18. — Tsy misy mahazo miala ny Tanim-pirenena, na misahana asam-panjakana na milatsaka ho olom-boafidy, na misoratra anarana any amin' ny toeram-pampianarana, na miatrika fanadinana na fifaninanana amin' ny asam-panjakana, na mandray fanampiana na inona na inona avy amin' ny Fanjakana, na vondrom-bahoaka, na orinasa na sampan-draharahan-panjakana na miankina amin' ny Fanjakana, raha tsy ara-dalana eo amin' ny Fanompoam-pirenena.

Art. 10. — Des sursis d'incorporation peuvent être accordés dans des conditions fixées par décret, pour des raisons familiales ou professionnelles, ainsi que pour études, apprentissage ou stage.

ENGAGEMENT VOLONTAIRE

Art. 11. — Les jeunes gens et jeunes filles âgés de dix-huit ans ou plus peuvent demander à être incorporés dans les Forces armées ou hors des Forces armées avant les jeunes gens et jeunes filles de leur classe d'âge.

Tout citoyen peut, à partir de l'âge de dix-huit ans, demander à s'engager pour une durée déterminée dans les Forces armées.

Art. 12. — Les demandes d'incorporation par devancement d'appel et d'engagement volontaire sont accordées en fonction des besoins du Service national et des emplois offerts dans les Forces armées ou hors des Forces armées.

Art. 13. — Les citoyens incorporés par voie d'engagement sont soumis aux obligations d'activité. La durée d'obligations qui leur est applicable est celle fixée pour la classe d'incorporation de l'année au cours de laquelle le contrat est signé.

CHAPITRE IV

RÉSERVE

Art. 14. — La réserve est constituée par tous les éléments de la ressource qui ne sont pas en «Activité» de Service national.

Art. 15. — Les obligations de réserve s'étendent sur toute la durée du Service national, définie à l'article 4 ci-dessus, en dehors des périodes d'activité.

Pendant les obligations de réserve, les citoyens sont dans leurs foyers mais restent à la disposition de la Nation qui peut les appeler ou les rappeler à l'activité en cas de mobilisation générale ou partielle. Ils sont dits «Réservistes».

Art. 16. — Les réservistes peuvent être appelés à effectuer des périodes d'entraînement dont la durée totale ne peut excéder douze mois. Ces périodes constituent des obligations de réserve et ne sont pas considérées comme des obligations d'activité.

Art. 17. — Tout citoyen appartenant aux réserves a obligation de fournir à l'autorité compétente tous renseignements concernant sa profession, ses capacités, son domicile et sa situation de famille, susceptibles de déterminer avec précision son affectation dans les réserves.

Les autorités chargées de recevoir les déclarations de résidence et les organismes publics ou privés délivrant des diplômes scolaires ou professionnels sont tenus de signaler, à la Direction du Service national et du Recrutement, les noms des citoyens appartenant aux réserves que concernent ces changements de résidence et ces titres scolaires ou professionnels. La correspondance est faite en franchise postale.

Les modalités d'exécution des obligations de réserve sont fixées par décret.

CHAPITRE V

RÉGULARITÉ DE LA SITUATION VIS-A-VIS DU SERVICE NATIONAL

Art. 18. — Nul ne peut, s'il n'est en situation régulière vis-à-vis du Service national, ni sortir du Territoire national, ni exercer des fonctions publiques même électives, ni s'inscrire dans un Etablissement d'enseignement, ni se présenter à un examen ou à un concours officiel, ni bénéficier d'une aide quelconque de la part de l'Etat, de collectivités, établissements et organismes publics et parapublics.

And. 19. — Raha ilain' ny lalana sy ny fitsipika manan-kery ny hanaporofoana ny maha-ara-dalana eo amin' ny Fanompoam-pirenena, ny Malagasy tonga taona ary tokony hanefa ny adidiny momba ny Fanompoam-pirenena dia mitondra ny porofo ny maha-ara-dalana azy ary izany dia amin' ny alàlan' ny fanamarinana izay mety ho :

— ny karatry ny Fanompoam-pirenena na fanamarinana momba ny fisoratana amin' ny fanisana na ny fitsarana ho miaramila;

— ny kara-panondron' ny miaramila, ny bokin' ny isam-batan' olona fanamarinana ny nanaovana miaramila na taratasy hafa manamarina fa nahavita ny Fanompoam-pirenena amin' ny vava asa tanindrazana;

— fanamarinana ny fisoratana amin' ny fanisana na fanamarinana fa nangataka hisoratra anarana ho an' izay tsy nisoratra, ary izany dia manan-kery mandra-pahatongan' ny Fitsarana ho miaramila manaraka aorian' ny vaninandro nisoratana anarana.

And. 20. — Izay Malagasy monina any am-pita dia tsy maintsy manefa ny Fanompoam-pirenena.

FIZARANA III

NY ZO ZAKAINA NOHO NY FANOMPOAM-PIRENENA

And. 21. — Ny ratra na ny aretina azo na niamafy noho ny fanaovana na teo am-panaovana ny Fanompoam-pirenena dia ahazoana mandray vola fitsimbiana araka izay voafaritra ao amin' ny rijan-tenin-dalana momba ny fisotroan-dronono sy ny vola fitsimbiana avy amin' ny Fanjakana.

And. 22. — Ankoatr' ireo asa atokana ho an' ny miaramila afaka ka ny fomba fidirana amin' izany dia feran' ny rijan-tenin-dalana manokana, ny olom-pirenena nahavita ny Fanompoam-pirenena mandritra ny taona iray ahay ambonin' ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana araka izay efa voafetra teo am-pandraisana azy ho miaramila, dia manana tombondahiny amin' ny fandraisana ao amin' ny asam-panjakana alohan' ireo izay mitovy laharana sy fahaizana aminy.

And. 23. — Momba ny zo isotroan-dronono sy isondrotana ho an' ny olom-pirenena noraisina ao amin' ny asam-panjakana, ny fotoana lany tao amin' ny Foloalindahy na ivelan' ny Foloalindahy noho ny Fanompoam-pirenena dia kaontina araka izao manaraka izao :

— momba ny zo amin' ny fisotroan-dronono, ny fotoana lany tao amin' ny Foloalindahy na ivelan' ny Foloalindahy dia kaontina manontolo;

— momba ny zo amin' ny fison-drotana, ny fotoana lany tao amin' ny Foloalindahy na ivelan' ny Foloalindahy dia kaontina araka izao fetra izao :

— na ny fotoana nanaovana ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana;

— na ny fotoana heverina fa nanaovana ny adidy amin' ny vava asa tanindrazana araka ny lalana sy ny fitsipika manan-kery;

— na ny tsy maintsy nijanonana tao amin' ny Fanompoam-pirenena. Ity farany ity dia azo atambatra amin' ny iray amin' iretsy roa voalohany.

FIZARANA IV

FEKETRA MOMBA NY FAMAIZANA

And. 24. — Ny fandikana ny zava-boalazan' izao hitsivolana izao dia faritana, torina ary faizina araka ny Bokim-pitsarana momba ny Fanompoam-pirenena na ny Fehezan-dalana famaizana, afa-tsy izay voalaza ato amin' ity fizarana ity.

TOKO VOALOHANY

FANDIKANA NY FANEFANA ADIDY MOMBA NY FISORATANA AMIN' NY FANISANA, FITSARANA HO MIARAMILA ARY FANDRAISANA EO AMBANY FANEVA

And. 25. — Raha tsy misy antony tsy azo anoharana, ny olona rehetra izay tsy manefa ny adidiny momba ny fisoratana amin' ny fanisana sy ny fitsarana ho miaramila dia akarina eo anatrehan' ny tribonaly mitsara araka ny lalana mifehy ny daholobe, ary mety biharan' ny sazy araka ny voalaza ao amin' ny andininy faha-473, andalana voalohany, ao amin' ny Fehezan-dalana famaizana.

And. 26. — Akarina ho tsarain' ireo tribonaly ireo ihany koa ary faizina handoa sazy vola efatra arivo ariary ka hatramin' ny efatra alina ariary sy ho tanana am-ponja iray volana ka hatramin' ny taona iray :

1. Ny olom-pirenena izay nifamoky ka niandà na tsy hisoratra amin' ny fanisana na tsy hiseho eo anatrehan' ny fitsarana ho miaramila;

Art. 19. — Dans tous les cas où la législation et la réglementation en vigueur exigent que soit prouvée la régularité de la situation vis-à-vis du Service national, les Malgaches en âge d'être soumis aux obligations dudit service apportent la preuve de leur situation à l'aide d'une pièce justificative de la régularité vis-à-vis du Service national qui peut être soit :

— la carte du Service national ou l'attestation de recensement et de révision;

— la carte d'identité militaire, le livret individuel ou toute autre pièce justifiant l'accomplissement du Service national actif;

— l'attestation de recensement ou l'attestation de demande d'inscription d'un omis, valables jusqu'au prochain Conseil de révision consécutif à la date du recensement.

Art. 20. — Tout Malgache résidant à l'étranger est soumis aux obligations du Service national.

TITRE III

DROITS OUVERTS PAR LE SERVICE NATIONAL

Art. 21. — Les blessures reçues ou les maladies contractées ou aggravées du fait ou à l'occasion du Service national ouvrent droit aux pensions définies par les textes relatifs aux retraites et pensions de l'Etat.

Art. 22. — Outre les emplois réservés pour lesquels les conditions d'accès sont fixées par des textes particuliers, les citoyens ayant servi dans le Service national au moins un an en plus des obligations d'activité telles qu'elles étaient fixées au moment de leur incorporation ont, à conditions et titres égaux par ailleurs, priorité pour l'attribution d'un emploi dans la fonction publique.

Art. 23. — Pour les droits à retraite et les droits à l'avancement des citoyens nommés à un emploi public, le temps passé dans les Forces armées ou hors des Forces armées au titre du Service national est pris en compte dans les conditions suivantes :

— pour les droits à retraite, le temps passé dans les Forces armées ou hors des Forces armées est pris en compte en totalité;

— pour les droits à l'avancement, le temps passé dans les Forces armées ou hors des Forces armées est pris en compte dans la limite :

— soit du temps des obligations d'activité;

— soit du temps considéré comme période des obligations d'activité, en vertu de la législation et de la réglementation en vigueur;

— soit du maintien obligatoire dans le Service national. Ce dernier cas pouvant être cumulé avec l'un des deux premiers.

TITRE IV

DISPOSITIONS PENALES

Art. 24. — Les infractions aux prescriptions de la présente ordonnance sont définies, poursuivies et réprimées par le Code de justice du Service national ou par le Code pénal, sous réserve des dispositions du présent titre.

CHAPITRE PREMIER

INFRACTIONS AUX OBLIGATIONS DE RECENSEMENT, DE RÉVISION ET D'INCORPORATION

Art. 25. — Toute personne qui, hors le cas de force majeure, n'a pas exécuté ses obligations de recensement et de révision est déférée devant les tribunaux de droit commun et encourt les peines prévues par l'article 473, alinéa premier, du Code pénal.

Art. 26. — Sont déférés aux mêmes tribunaux et punis d'une amende de vingt mille à deux cent mille FMG et/ou d'un emprisonnement allant d'un mois à un an :

1° Les citoyens qui, à la suite d'une entente concertée, se sont abstenus de se faire recenser ou de comparaître devant le Conseil de révision;

2. Ny olom-pirenena izay manao haseka na mampiasa fihetsika vandambandana mba hialana na manandrana tsy hanefà ny adidy amin' ny fisoratana amin' ny fanisana na amin' ny fitsarana ho miaramila na ny fidirana eo ambany faneva ary izany dia tsy misakana ny sazy mafimafy kokoa raha sendra misy fanaovana sandoka.

And. 27. — Ny miaramila na ny sivily nantsoina mba handray anjara ao amin' ny Fitsarana ho miaramila na ny komisiona manivana ny tsy lany miaramila mba hamosaka ny heviny na hanao fanapahana ka nandray tsolotra na nankasitraka toky nomena azy mba hitsimbainy ny olom-pirenena na ny miaramila izay dinihiny, dia voasazy an-trano-maizina roa ka hatramin' ny folo taona ary sazy vola indroa heny amin' izay lanjambidin' ny fampantanenana nankasitrahany, na ny zavatra noraisiny na nangatahiny ka tsy ho ambanin' ny dimy arivo sy iray alina arivo izay sazy vola izany.

Izany sazy izany dia ampiharina aminy, raha ohatra ka efa voatendry ho isan' ny mpikarakara ny Fitsarana ho miaramila na mpandray anjara amin' ny komisiona manivana ny tsy lany miaramila izy tamin' ny fotoana nanekety ny tsolotra na ny fampantanenana noho ny fitsinjovana fa hisy raharaha ho tanany.

Raràna izy ireo tsy handray na inona na inona, fa hiharan' ny sazy toy izany koa na dia marina aza ny fanapahan-kevitra navoaka.

Voasazy toy izany koa ireo izay nanome tsolotra na nanao vava fampantanenana.

Izany fepetra izany dia azo ampiharina raha misy fiantsoana indray ny fiandry ho amin' ny vava asa tanindrazana na inona na inona antony.

And. 28. — Izay miaramila na mpiasam-panjakana na mpiandraiki-draharaham-bahoaka ka nahafantatra mazava tsara teo am-panatante-rahany ny addiny, nefa nifia nanao fanapahan-kevitra mifanohitra amin' ny lalàna sy ny fepetra momba ny adidy voalazan' ny lalàna na ny fifanekena mikasika ny Fanompoam-pirenena, dia melohina ho manampatra ny fahefany ary dia faizina araka ny andininy faha-185 ao amin' ny Bokim-dalàna famaizana ary izany tsy misakana ny sazy mafimafy kokoa izay voalazan' io Bokim-dalàna io amin' ny zavatra hafa nambarany.

Ireo fepetra ireo dia azo ampiharina raha misy fiantsoana indray ny fiandry ho eo am-perin' asa na inona na inona antony.

TOKO II

NY TSY FANOAVANA BAIKO

And. 29. — Amin' ny tany mandry fehizay, izay olona voaantso na nantsoina indray amin' ny vava asa tanindrazana tamin' ny alàlan' ny peta-drindrina na ny antso aely na ny baiko fiantsoana, afa-tsy noho ny antony tsy azo anoharana, ka tsy namonjy ny toerana voatondron' ny peta-drindrina na ny antso naely na ny baiko fiantsoana ao anatin' ny telopolo andro aorian' ny vaninandro voatondro dia heverina ho tsy manao baiko ary saizana amin' ireo famaizana voalazan' ny andininy faha-124 ao amin' ny Bokim-pitsarana momba ny Fanompoam-pirenena.

Heverina ho tsy manao baiko ihany koa amin' ny tany mandry fehizay, afa-tsy noho ny antony tsy azo anoharana, ny mpilatsaka an-tsitraro na ny miaramila na ny sahala amin' izany izay nahavita fifanekena ho miaramila taorian' ny nampodiana azy tany an-tokantranony nefa tsy toiga any amin' ny toerana niantsoana azy ao anatin' ny telopolo andro aorian' ny vaninandro voatondron' ny fanaikana azy.

Ny fampandrenesana ny baiko fiantsoana na ny fiantsoana dia hataon' ny mpandraharaha nomem-pahefana amin' izany, na amin' ilay olona mivantana, na any an-tranon' izay voaantso, na nilatsaka an-tsitraro. Raha tsy ao an-tranony ilay olona, dia omena ny manampahefana ao an-toerana ny fampandrenesana ary dia tohizana ihany ny fikarohana azy.

Na inona na inona toe-javatra, dia anaovan' ny mpandraharaha fitanana an-tsoratra ny fampandrenesana.

Raha mandry ny tany, dia halavaina ho roa volana ny fe-potoana tsy anovana baiko ho an' izay olona mitoetra any ivelan' i Madagasikara.

Raha misy fanaikana ho eo ambany faneva ny daholobe na ny olona sasantsasany ihany, dia ambara fa tsy manao baiko ny olona voaantso na nampiantsoina raha toa tsy tojo tolona tsy omby tratra nefa tsy nanaraka ny fepetra voadidin' ny baiko fiantsoana mba hanao izay habatonga-vany any amin' ny toerana voatondro. Amin' izay anton-javatra izay izy dia hiharan' ny famaizana voalazan' ny andininy faha-124 ao amin' ny Bokim-pitsarana momba ny Fanompoam-pirenena amin' ny tany miady.

And. 30. — Na iza na iza fantatra fa diso satria ninia nanafina na mampiasa olom-pirenena na lahy na vavy izay tadiavina noho izy nandà ny baiko fiantsoana azy, na koa nanampy azy handositra dia hiharan' ny sazy voalaza ao amin' ny andininy faha-135 ao amin' ny Bokim-pitsarana momba ny Fanompoam-pirenena.

2° Les citoyens qui, à l'aide de fraudes ou manœuvres, se sont soustraits ou ont tenté de se soustraire aux obligations de recensement, de révision ou d'incorporation sans préjudice de peines plus graves en cas de faux.

Art. 27. — Les militaires ou civils appelés à participer aux opérations du Conseil de révision ou des commissions de réforme à l'effet de donner leur avis ou de statuer, et qui ont reçu des dons ou agréé des promesses pour être favorables aux citoyens ou aux militaires examinés, sont punis d'un emprisonnement de deux à dix ans et d'une amende double de la valeur des promesses agréées ou des choses reçues ou demandées, sans que ladite amende puisse être inférieure à soixante quinze mille FMG.

Cette peine leur est appliquée, soit qu'au moment des dons ou promesses, ils aient déjà été désignés pour assister au Conseil de révision ou faire partie des commissions de réforme, soit que les dons ou promesses aient été agréés en prévision des fonctions qu'ils auraient à remplir.

Il leur est défendu, sous la même peine, de rien recevoir même pour une décision justement prononcée.

Ceux qui ont fait des dons ou promesses sont punis de la même peine.

Ces dispositions sont applicables en cas de rappels des réservistes à l'activité pour une cause quelconque.

Art. 28. — Tout militaire, tout fonctionnaire ou Officier public qui, dans l'exercice de ses fonctions, a pris volontairement et en toute connaissance de cause une décision contraire aux lois et règlements sur les obligations légales ou contractuelles du Service national, est coupable d'abus d'autorité et est puni des peines prévues par l'article 185 du Code pénal, sans préjudice des peines plus graves prononcées par le Code dans les autres cas qu'il a prévus.

Les mêmes dispositions sont applicables en cas de rappel des réservistes à l'activité pour une cause quelconque.

CHAPITRE II

INSOUMISSION

Art. 29. — En temps de paix, toute personne qui, étant appelée ou rappelée à l'activité par voie d'affiches, de sonorisation ou d'ordres d'appel, ne s'est pas, hors le cas de force majeure, rendue au lieu indiqué par les affiches, la sonorisation ou l'ordre d'appel dans les trente jours après la date fixée, est considérée comme insoumise et punie des peines prévues par l'article 124 du Code de justice du Service national.

Est également considéré comme insoumis, en temps de paix, l'engagé volontaire, ou le militaire ou assimilé qui, ayant contracté un engagement après renvoi dans ses foyers, n'est pas, hors le cas de force majeure, arrivé à destination dans les trente jours qui suivent celui fixé par sa convocation.

La notification de l'ordre d'appel ou de la convocation est faite par un agent habilité, soit à la personne, soit au domicile de l'appelé ou de l'engagé. En cas d'absence de l'intéressé, elle est faite à l'autorité administrative locale de sa résidence, indépendamment de la continuation des recherches.

Dans tous les cas, l'agent dresse procès-verbal de la notification.

En temps de paix, le délai d'insoumission est porté à deux mois pour les personnes résidant hors de Madagascar.

En cas de mobilisation générale ou partielle, la personne appelée ou convoquée est déclarée insoumise si, hors le cas de force majeure, elle ne s'est pas conformée aux mesures prescrites par l'ordre d'appel pour assurer son arrivée à destination. Dans ce cas, elle est passible des peines prévues par l'article 124 du Code de justice du Service national pour le temps de guerre.

Art. 30. — Quiconque est reconnu coupable d'avoir sciemment recelé ou pris à son service un citoyen ou une citoyenne recherché pour insoumission ou d'avoir favorisé son évasion est puni des peines prévues par l'article 135 du Code de justice du Service national.

To sazy io dia raisina ho an' ireo izay nampiseho fihetsika mahameloka ka nanakana na nampitarazoka ny fiaingan' ny olom-pirenena voaantso na nahazo fanaikana.

Raha mandritra ny fotoana mampilamina ny tany no nanaovana ny heloka miaraka amin' ny fitangorongoronana, dia avo roa heny ny sazy.

TOKO III

FEPETRA MANOKANA

And. 31. — Ny sazy voalaza ao amin' ny andininy faha-27, 28 ary faha-30 amin' ity hitsivolana ity dia azo ampiharina amin' ny fanandramana hanao ny heloka voalaza ao amin' ireo andininy ireo.

Ny sazy voalaza ao amin' ny andininy faha-25, 26, 27 ary faha-28 dia ho avo roa heny raha misy fanaikana ho eo ambany faneva ny daholobe na ny sasantsasany ihany ary koa amin' ny fotoana mahalatsaka an-katerena ny Firenena.

Ny fandikan-dalàna voalaza ao amin' ny andininy faha-27, 28, 29 ary faha-30 amin' ity hitsivolana ity dia ao amin' ny faritra sahanin' ny Fitsarana miaramila.

And. 32. — Ny fe-potoana mahalany andro ny fitoriana ataon' ny fampanoavana noho ny tsy fanatanterahana ny adidy hisoratra amin' ny fanisana sy ny fitsarana ho miaramila mbamin' ny fe-potoana mahalany andro ny sazy voadidy noho ireo antony ireo ihany dia tsy manomboka tetezina raha tsy amin' ny vaninandro mahafeno dimampolo taona ilay nandika lalàna.

And. 33. — Foanana ary dia foana izay fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' ny voalazan' izao hitsivolana izao.

And. 34. — Havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika izao hitsivolana izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Havoaka hanan-kery, Antananarivo, ny 16 febroary 1978.

Didier RATSIRAKA.

Avy amin' ny Filohan' ny Repoblika
Demokratika Malagasy :

*Ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra
Faratampon' ny Tolom-piavolana :*

Lieutenant-Colonel Désiré RAKOTOARIJAONA;

Charles RAVOAJANAHARY;

Arsène RATSIFEHERA;

Colonel Jaona MAMPILA;

Etienne MORA;

Richard Mahitsison ANDRIAMANJATO;

Marojama RAZANABAHINY;

Raymond MARO;

Justin RAKOTONIAINA;

Jean-Baptiste RAMANANTSALAMA;

Solo Norbert RANDRIAMORASATA;

Gilbert SAMBSON;

Lieutenant-Colonel Jean-Ferlin FIAKARA;

Commandant Jean de Dieu RANDRIANTANANY;

Commandant Ferdinand JAOTOMBO;

MANANDAFY-RAKOTONIRINA;

Désiré RAKOTONANAHARY;

Robert KOTO;

Commandant Max MARSON;

Jaona REMANINDRY.

La même peine est prononcée contre ceux qui, par des manœuvres coupables, ont empêché ou retardé le départ des citoyens appelés ou convoqués.

Si le délit a été commis en temps de paix à l'aide d'un attroupement, la peine est double.

CHAPITRE III

MESURES PARTICULIÈRES

Art. 31. — Les peines prévues par les articles 27, 28 et 30 de la présente ordonnance sont applicables aux tentatives des délits prévus par ces articles.

Les peines prévues aux articles 25, 26, 27 et 28 sont portées au double en cas de mobilisation générale ou partielle ainsi qu'en temps de nécessité nationale.

Les infractions prévues aux articles 27, 28, 29 et 30 de la présente ordonnance relèvent du Tribunal militaire.

Art. 32. — La prescription de l'action publique résultant de l'inexécution des obligations de recensement et de révision, ainsi que la prescription des peines prononcées pour le même motif ne commencent à courir qu'à partir du jour où le contrevenant atteint l'âge de cinquante ans.

Art. 33. — Toute disposition antérieure contraire à celle de la présente ordonnance est et demeure abrogée.

Art. 34. — La présente ordonnance sera publiée au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 16 février 1978.

Didier RATSIRAKA.

Par le Président de la République
Démocratique de Madagascar :

*Les membres
du Conseil Suprême de la Révolution :*

Lieutenant-Colonel Désiré RAKOTOARIJAONA;

Charles RAVOAJANAHARY;

Arsène RATSIFEHERA;

Colonel Jaona MAMPILA;

Etienne MORA;

Richard Mahitsison ANDRIAMANJATO;

Marojama RAZANABAHINY;

Raymond MARO;

Justin RAKOTONIAINA;

Jean-Baptiste RAMANANTSALAMA;

Solo Norbert RANDRIAMORASATA;

Gilbert SAMBSON;

Lieutenant-Colonel Jean-Ferlin FIAKARA;

Commandant Jean de Dieu RANDRIANTANANY;

Commandant Ferdinand JAOTOMBO;

MANANDAFY-RAKOTONIRINA;

Désiré RAKOTONANAHARY;

Robert KOTO;

Commandant Max MARSON;

Jaona REMANINDRY.